Malagasy

# “Behold I Am the Light Which Ye Shall Hold Up”

By Elder Ronald A. Rasband
*Of the Quorum of the Twelve Apostles*

# “Indro, Izaho no fahazavana izay haingainareo ambony”

Nataon’ny Loholona Ronald A. Rasband
*Ao amin’ny Kôlejin’ny Apôstôly Roambinifolo*

October 2024 general conference

---

*We hold up the Lord’s light when we hold fast to our covenants and when we support our living prophet.*

To the many testimonies at this conference, I add my apostolic witness that Jesus Christ is the Son of God, our Lord and Savior, the Redeemer of all of our Father’s children. By His Atonement, Jesus Christ made it possible for us, if we are worthy, to return to the presence of our Father in Heaven and be with our families for eternity.

The Savior is not absent from our mortal journeys. For the past two days we have heard Him speak through His chosen leaders that we might draw closer to Him.Time and again, with His pure love and mercy, He sustains us as we face the drama of life. Nephi describes: “My God hath been my support; he hath led me through mine afflictions. … He hath filled me with his love.”

That love is evident when we sustain one another in His work.

We sustain our living prophet at general conference, and the First Presidency, the Quorum of the Twelve Apostles, General Authorities, and Officers of the Church. To sustain means tohold upanother person, to give them our attention, to be faithful to their trust, to act upon their words. They speak by inspiration of the Lord; they understand the current issues, the moral decline of

*Aingantsika ambony ny fahazavan’ny Tompo rehefa mifikitra mafy amin’ny fanekempihavanantsika sy rehefa manohana ny mpaminanintsika velona isika.*

Anatevenako ireo fijoroana ho vavolombelona maro tamin’ity fihaonambe ity ny tenivavolombeloko amin’ny maha-Apôstôly ahy fa i Jesoa Kristy no Zanak’ Andriamanitra, Tompo sy Mpamonjintsika, ilay Mpanavotra ny zanaky ny Raintsika rehetra. Nataon’i Jesoa Kristy azo tanterahina tamin’ny alalan’ny Sorompanavotany, raha mendrika isika, ny hiverintsika eo anatrehan’ny Raintsika any An-danitra sy hiarahantsika amin’ny fianakaviantsika mandrakizay.

Tsy hoe tsy eo akory ny Mpamonjy mandritra ny fiainantsika eto an-tany. Nahare Azy niteny tamin’ny alalan’ireo mpitarika nofinidiny isika nandritra ny roa andro ka nahafahantsika nanakaiky Azy kokoa.Manohana antsika hatrany hatrany Izy, amin’ny fitiavana madio sy ny famindram-po, rehefa miatrika ireo zavatra tsy ampoizina sy ireo olana eo amin’ny fiainana isika. Nofariparitan’i Nefia hoe: “Andriamanitro no andriko; Izy no efa nitarika ahy namakivaky ny fahoriako. … Efa nofenoiny ny fitiavany aho.”

Mibaribary izany fitiavana izany rehefa mifanohana isika eo am-panaovana ny asany.

Mandritra ny fihaonamben’ny Fiangonana maneran-tany dia manohana ny mpaminanintsika velona, ny Fiadidiana Voalohany, ny Manampahefana Ambony, ary ireo Mpiandraikitra Ambony ato amin’ny Fiangonana isika. Ny hoe manohana dia midika hoemanampyolona hafa, mampifantoka amin’izy ireo ny saintsika, mahatoky amin’ny fitokisan’izy ireo, manatanter-

society, and the adversary's increasing efforts to thwart the Father's plan. Inholding upour hands, we are committing our support, not just for that moment but in our daily lives.

Sustaining includesholding upour stake presidents and bishops, quorum and organization leaders, teachers, and even camp directors in our wards and stakes. Closer to home, wehold upour wives and our husbands, children, parents, extended family, and neighbors. When wehold upone another we are saying, "I am here for you, not just tohold upyour arms and hands when they 'hang down'but to be a comfort and strength at your side."

The concept tohold upis rooted in scripture. At the Waters of Mormon, the newly baptized Church members committed "to bear one another's burdens, that they may be light; … [to] comfort those that stand in need of comfort, and to stand as witnesses of God at all times and in all things, and in all places."

To the Nephites, Jesus said: "Hold upyour light that it may shine unto the world.Behold I am the light which ye shall hold up."Wehold upthe Lord's light when we hold fast to our covenants and when we support our living prophet as he speaks the words of God.

President Russell M. Nelson said, when serving in the Quorum of the Twelve Apostles, "Our sustaining of prophets is a personal commitment that we will do our utmost to uphold their prophetic priorities."

Tohold upthe prophet is a sacred work. We do not sit quietly by but actively defend him, follow his counsel, teach his words, and pray for him.

King Benjamin, in the Book of Mormon, said

aka ny tenin'izy ireo.Miteny amin'ny alalan'ny fitaomam-panahy avy amin'ny Tompo izy ireo, mahatakatra ireo olana misy ankehitriny, ny fitotonganan'ny safidim-pitondrantena eo amin'ny fiarahamonina, ary ny ezaka tsy mitsaha-mitombo ataon'ny fahavalo mba hanakanana ny fahatanterahan'ny drafitry ny Ray. Rehefamananganany tanantsika isika, dia manolotra ny fanampiantsika, tsy amin'io fotoana io ihany fa mandritra ny fiainantsika andavanandro.

Tafiditra ao anatin'ny fanohanana nyfanampianany filohan'ny tsatòkantsika sy ny evekantsika, ireo mpitarika ao amin'ny kôlejy sy ny rafitra, ny mpampianatra, eny fa na dia ireo tale misahana ny lasy ao amin'ny paroasy sy ny tsatòkantsika aza. Mahakasika ny ankohonana, diamanohanany vadintsika, ny zanatsika, ny ray aman-drenintsika, ny havantsika lavitra ary ny mpifanolo-bodirindrina amintsika isika. Rehefamifanohanaisika dia milaza hoe: "Eto aho ho anao, tsyhanainga ambonyny sandrinao sy ny tananao fotsiny rehefa -miraviravy-izy ireo fa ho fampaherezana sy tanjaka eo anilanao."

Mifototra amin'ny soratra masina ilay hevitra hoemanohana. Ireo olona vao vita batisa teo amin'ny Ranon'i Môrmôna dia nanolo-tena ny "hifampitondra ny enta-mavesatry ny tsirairay mba hanamaivana izany; … hampionona ireo izay mila fampiononana sy hijoro ho vavolombelon' Andriamanitra amin'ny fotoana rehetra sy amin'ny zava-drehetra, ary amin'ny toerana rehetra."

Hoy i Jesoa tamin'ireo Nefita: "Aingao ambonyny fahazavanareo mba hamirapiratra eo amin'izao tontolo izao.Indro, Izaho no fahazavana izay haingainareo ambony."Aingantsika ambonyny fahazavan'ny Tompo rehefa mifikitra mafy amin'ny fanekempihavanantsika sy rehefa manohana ny mpaminanintsika velona isika rehefa milaza ny tenin' Andriamanitra izy.

Hoy ny Filoha Rusell M. Nelson, fony izy tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo: "Ny fanohanantsika ireo mpaminany dia fanolorantena ataon'ny tena manokana fa hanao izay tsara indrindra vitantsika isika mba hanohanana ireo laharam-pahamehan'izy ireo amin'ny maha-mpaminany azy."

Asa masina nymanohanany mpaminany. Tsy mipetraka fotsiny isika dia mangina fa miaro azy amim-pahavitrihana, manaraka ny toroheviny, mampianatra ny teniny, ary mivavaka ho azy.

Hoy ny Mpanjaka Benjamina ao amin'ny

to the people, "I am like as yourselves, subject to all manner of infirmities in body and mind; yet I have been chosen … and was suffered by the hand of the Lord … and have been kept and preserved by his matchless power, to serve you with all the might, mind and strength which the Lord hath granted unto me."

Bokin'i Môrmôna tamin'ny vahoaka: "Izaho dia tahaka ny tenanareo andairan'ny karazany rehetra amin'ny rofin'ny vatana sy ny saina; kanefa dia efa [nofinidy] … aho, ary … navelan'ny tanan'ny Tompo …; ary dia efa notehirizina sy notsimbinina tamin'ny heriny tsy manan-tsahala aho mba hanompo anareo amin'ny hery sy saina ary tanjaka rehetra izay efa nomen'ny Tompo ahy."

Likewise, at age 100, President Nelson has been kept and preserved by the Lord. President Harold B. Lee, at the time a member of the First Presidency, cited the example of Moses standing atop the hill at Rephidim. "The hands of [the President of the Church] may grow weary," he said. "They may tend to droop at times because of his heavy responsibilities; but as we uphold his hands, and as we lead under his direction, by his side, the gates of hell will not prevail against you and against Israel.Your safety and ours depends upon whether or not we follow the ones whom the Lord has placed to preside over his church. He knows whom he wants to presideover this church, and he will make no mistake."

Toy izany ihany, ny Filoha Nelson, amin'izao faha-100 taonany izao, dia notehirizina sy notsimbinin'ny Tompo. Ny Filoha Harold B. Lee, izay mpikambana tao amin'ny Fiadidiana Voalohany tamin'izany, dia niresaka ny ohatra momba an'i Mosesy nijoro teo ambonin'ny tendrombohitra Refidima. "Mety hihareraka ny tanan'[ny Filohan'ny Fiangonana]," hoy izy. "Mety hitambotsotra izany indraindray noho ireo andraikitra mavesatra sahaniny. Kanefa rehefa manohana ny tanany isika ary mitarika eo ambanin'ny fitarihany, sy eo anilany, dia tsy haharesy anareo sy an'i Isiraely ny vavahadin'ny helo.Ny fiarovana anao sy fiarovana antsika dia miankina amin'ny hoe manaraka ireo olona izay napetraky ny Tompo hiahy ny fiangonany isika na tsia. Fantany izay tiany hiahy ity fiangonana ity, ary tsy hanao fahadisoana izy."

President Nelson draws upon years of serving the Lord. His maturity, wide-ranging experience, wisdom, and consistent receipt of revelation is specifically suited for our day.He has said: "The Church of Jesus Christ of Latter-day Saints is preparing the world for the day when 'the earth shall be full of the knowledge of the Lord' (Isaiah 11:9). … This work is empowered by a divine announcement made 200 years ago. It consisted of only seven words: 'This is My Beloved Son. Hear Him!' (seeJoseph Smith—History 1:17)."

Misintona zavatra avy amin'ireo taona maro nanompoana ny Filoha Nelson. Mety tsara amin'izao androntsika izao ny fahamatorany, ny traikefa maro isan-karazany azony, ny fahendreny ary ny fandraisany fanambarana tsy tapaka.Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany dia manomana izao tontolo izao amin'ilay andro izay hahatonga -ny tany ho henika ny fahalalana an'i Jehovah- (Isaia 11:9). … Io asa io dia mahazo vahana noho ny fanambarana iray nataon' Andriamanitra 200 taona lasa izay. Nahitana teny enina monja izany: -Ity no Zanako Malalako. Henoy Izy!' (jereo nyJoseph Smith—Tantara 1:17)."

President Nelson has also said: "There has never been a time in the history of the world when knowledge of our Savior is more personally vital and relevant toevery human soul. Imagine how quickly the devastating conflicts throughout the world—and those in our individual lives—would be resolved if we all chose to follow Jesus Christ and heed His teachings."

Hoy koa ny Filoha Nelson: "Tsy mbola nisy velively fotoana teto amin'ny tantaran'izao tontolo izao ka nahatonga ilay fahalalana ny Mpamonjintsika ho manan-danja manokana sy zava-dehibe ho an'nyolombelona tsirairaymihoatra noho ny amin'izao fotoana izao. Alaivy sary an-tsaina ny ho nampivaha haingana ireo ady mandravarava manerana an'izao tontolo izao, ary ireo ady atrehantsika eo amin'ny fiainantsika manokana, raha toa ka nisafidy ny hanaraka an'i Jesoa Kristy sy ny fampianarany ny olona rehetra."

Brothers and sisters, we need to do more

Ry rahalahy sy anabavy, mila manolotra

lifting and less murmuring, more upholding the word of the Lord, His ways, and His prophet, who has said: "One of our greatest challenges today is distinguishing between the truths of God and the counterfeits of Satan. That is why the Lord warned us to 'pray always, … that [we] may conquer Satan, and …escape the hands of the servants of Satanthat do uphold [the adversary's] work' [Doctrine and Covenants 10:5; emphasis added]."

fanampiana misimisy kokoa isika fa tsy mimonomonona, fanohanana misimisy kokoa ny tenin'ny Tompo, ny fombany, ary ny mpaminaniny, izay nilaza hoe: "Iray amin'ireo olana tena sarotra atrehantsika amin'izao fotoana izao ny fanavahana ny fahamarinana avy amin' Andriamanitra sy ny fitak'i Satana. Izany no nahatonga ny Tompo nampitandrina antsika hoe: 'Mivavaha mandrakariva … mba hahazoa[ntsika] mandresy an'i Satana ary …mandositra ny tanan'ireo mpanompon'i Satanaizay manohana ny asan' [ilay fahavalo] [Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 10:5; nampiana fanamafisana]."

Last April, Sister Rasband and I had the honor of joining our beloved prophet and Sister Nelson for the rededication of the Manti Utah Temple.

Ny aprily lasa teo dia voninahitra ho ahy sy Rahavavy Rasband ny niaraka tamin'ny mpaminany malalantsika sy Rahavavy Nelson tamin'ny famerenana ny fanokanana ny Tempolin'i Manti Utah.

President Nelson surprised everyone when he entered the room. Only a very few of us knew he was coming. In his presence, I immediately felt the light and prophetic mantle he carries. The look of joy on the faces of the people personally seeing the prophet will stay with me forever.

Nanampoka ny rehetra ny Filoha Nelson rehefa niditra ny efitrano. Vitsy dia vitsy taminay ihany no nahalala fa ho avy Izy. Rehefa teo anatrehany aho dia tsapako avy hatrany ny fahalalana sy ny andraikitra amin'ny maha-mpaminany izay ananany. Hotsaroako mandrakizay ny fifaliana nisoritra teo amin'ny endriky ny olona izay nahita mivantana ny mpaminany.

In the prayer of rededication, President Nelson petitioned the Lord that His holy house would essentiallyhold upall who entered the temple, "that they may receive sacred blessings and remain worthy and faithful to their covenants … that this may be a house of peace, a house of comfort, and a house of personal revelation for all who enter these doors worthily."

Tao anatin'ny vavaka famerenana ny fanokanana dia nangataka tamin'ny Tompo ny Filoha Nelson mbahanohanan'nytranony masina manokana an'ireo rehetra izay miditra ny tempoly "mba hahafahan'izy ireo mandray ireo fitahiana masina sy mijanona ho mendrika sy mahatoky amin'ny fanekempihavanan'izy ireo … mba hahatonga izany ho tranon'ny fiadanana, tranon'ny fankaherezana, ary tranon'ny fanambarana ho an'ny tena manokana ho an'ireo rehetra izay miditra amim-pahamendrehana ireo varavarana ireo."

We all need to be lifted up by the Lord with peace, with comfort, and most of all with personal revelation to counter the fear, darkness, and contention encompassing the world.

Isika rehetra dia samy mila ankaherezin'ny Tompo amin'ny fiadanana, sy ny fankaherezana ary indrindra fa amin'ny fanambarana ho an'ny tena manokana mba hiadiana amin'ny tahotra, ny haizina ary ny fifandirana izay hita manerana izao tontolo izao.

Before the service, we stood outside in the sun with President and Sister Nelson to view the beautiful setting. President Nelson's ancestral ties to the area run deep. His eight great-grandparents settled in the valleys surrounding the temple, as did some of mine. My great-grandfather Andrew Anderson served on the construction crew of early pioneers who labored 11 years

Mialoha ilay fotoam-panokanana, dia nijoro teo ambany tara-masoandro niaraka tamin'ny Filoha sy Rahavavy Nelson izahay mba hijery ilay toerana kanto. Manana razambe marobe ao amin'io faritra io ny Filoha Nelson. Nanorim-ponenana teo amin'ireo lohasaha manodidina ny tempoly tahaka ny nataon'ny sasany tamin'ny ahy ireo ray aman-drenin'ireo ray

to complete the Manti Temple, the third in the Rocky Mountains.

aman-drenibeny miisa valo. I Andrew Anderson izay rain'ny raibeko avy amin'ny reniko dia nanompo tao amin'ny ekipa mpanorina trano tamin'ireo mpamaky lay tany aloha izay niasa 11 taona vao nahavita ny Tempolin'i Manti, izay fahatelo teo amin'ny Montagnes Rocheuses.

As we stood with President Nelson, we had the opportunity tohold upand support the prophet of God in celebration of the rededication of the Lord's holy house. It was a day I will never forget.

Rehefa niara-nijoro tamin'ny Filoha Nelson izahay dia nanana fahafahanahanohanasy hanampy ny mpaminanin' Andriamanitra tamin'ny fankalazana ny famerenana ny fanokanana ilay trano masin'ny Tompo. Andro iray tsy hohadinoiko mihitsy izany.

"We build temples to honor the Lord," President Nelson said that sacred day. "They are built for worship and not for show. We make sacred covenants of eternal significance inside these sacred walls."We are gathering Israel.

"Manorina tempoly isika mba hanomezam-boninahitra ny Tompo," hoy ny Filoha Nelson tamin'io andro masina io. "Aorina mba hitsaohana izy ireny fa tsy haseho mba hampitolagaga ny hafa. Manao fanekempihavanana masina manana lanjany mandrakizay isika ao anatin'ireo rindrina masina ireo."Manangona an'i Isiraely isika.

President Nelson and the prophets before him have cradled the holy temples in their arms. Today, around the world, we have 350 sacred houses of the Lord that are operating, announced, or under construction. As prophet, since 2018, President Nelson has announced 168 temples.

Ny Filoha Nelson sy ireo mpaminany teo alohany dia tena miraharaha sy manome lanja ireo tempoly masina. Ankehitriny, manerana izao tontolo izao, dia manana trano masin'ny Tompo miisa 350 am-perinasa sy nambara ary eo an-dalam-panamboarana isika. Rehefa lasa mpaminany ny Filoha Nelson, nanomboka tamin'ny 2018, dia 168 no isan'ny tempoly nambarany.

"In our time," he has said, "a whole, complete, and perfect union of all dispensations, keys, and powers are to be welded together (seeDoctrine and Covenants 128:18). For these sacred purposes, holy temples now dot the earth. I emphasize again that construction of these temples may not change your life, but your service in the temple surely will."

"Amin'izao androntsika izao," araka ny voalazany, dia "ilaina ny hisian'ny fifamatorana eo amin'ny firaisana feno sy tanteraka eo amin'ireo fotoampitantanana sy ny fanalahidy ary ny hery rehetra (jereo nyFotopampianarana sy Fanekempihavanana 128:18). Noho ireo tanjona masina ireo dia hita maneran-tany ankehitriny ireo tempoly masina. Antitranteriko indray fa mety tsy hampiova ny fiainanareo ny fananganana ireo tempoly fa ny asa fanompoana ataonareo ao amin'ny tempoly kosa anefa dia hampiova izany."

"The Savior and His doctrine are the very heart of the temple," the President says. "Everything taught in the temple, through instruction and through the Spirit, increases our understanding of Jesus Christ. His essential ordinances bind us to Him through sacred priesthood covenants. Then, as we keep our covenants, He endows us withHishealing, strengthening power."

"Ny Mpamonjy sy ny fotopampianarany no ampahany manan-danja indrindra amin'ny tempoly," hoy ny Filoha. "Ny zavatra rehetra ampianarina any amin'ny tempoly, amin'ny alalan'ny fampianarana sy amin'ny alalan'ny Fanahy, dia mampitombo ny fahatakarantsika momba an'i Jesoa Kristy. Ireo ôrdônansy ilaina omeny dia mampifamatotra antsika Aminy amin'ny alalan'ny fanekempihavanan'ny fisoronana. Avy eo, rehefa mitandrina ireo fanekempihavanantsika isika dia hotafiany amin'ny herinymanasitrana sy mampatanjaka."

"All who worship in the temple," President

"Izay rehetra mitsaoka ao amin'ny tempoly,"

Nelson has said, "will have the power of God and angels having 'charge over them' [Doctrine and Covenants 109:22]. How much does it increase your confidence to know that, as an endowed woman or man [or temple-attending youth] armed with the power of God, you do not have to face life alone? What courage does it give you to know that angels really will help you?"

hoy ny Filoha Nelson, "dia hanana ny herin' Andriamanitra sy hanana anjely izay -[m]ikarakara azy ireo- [Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 109:22]. Hatraiza ny fitomboan'ny fahatokian-tenanao noho ny fahafantarana, amin'ny maha vehivavy na lehilahy efa nandray ny fanafiana masina [na zatovo mpandeha any amin'ny tempoly] nampirongoana ho fiadiana ny herin' Andriamanitra anao, fa ianao dia tsy voatery hiatrika samirery ny fiainana? Inona no herim-po azonao noho ny fahafantaranao fa tena hanampy anao tokoa ny anjely?"

Angels reaching out tohold us upis described in the scriptures when Jesus Christ knelt humbly in the Garden of Gethsemane. By His suffering He provided an infinite Atonement. "There," President Nelson states,"the greatest single act of love of all recorded history took place. … There at Gethsemane, the Lord 'suffered the pain of all men, that all … might repent and come unto him' [Doctrine and Covenants 18:11]."

Ireo anjely manolo-tanana mbahanohanana antsikadia nofariparitana ao amin'ny soratra masina tamin'ny fotoana izay nandohalihan'i Jesoa Kristy tamim-panetrentena tao amin'ny sahan'i Getsemane. Nanolotra Sorompanavotana tsy misy fetra tamin'ny alalan'ny fijaliany Izy. "Tao," hoy ny Filoha Nelson, "no nitranga ny fanehoam-pitiavana tokana lehibe indrindra voarakitra tao anatin'ny tantara. … Tao Getsemane, ny Tompo dia -niaritra fahafatesana tamin'ny nofo; koa niaretany ny fangirifirian'ny olon-drehetra- [Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 18:11]."

"Remove this cup from me," Jesus Christ asked, "nevertheless not my will, but thine, be done.

"And there appeared an angel unto him from heaven, strengthening him."

We have angels round about us today. President Nelson has said, "[In the temple,] you will learn how to part the veil between heaven and earth, how to ask for God's angels to attend you."

"Esory amiko ity kapoaka ity," hoy i Jesoa Kristy nangataka, "nefa aoka tsy ny sitrapoko anie no hatao, fa ny Anao.

"Ary nisy anjely avy tany an-danitra niseho teo aminy ka nampahery Azy."

Misy anjely manodidina antsika ankehitriny. Hoy ny Filoha Nelson: "Hianatra ny fomba hanokafana ny voaly manasaraka ny lanitra sy ny tany, sy ny fomba fangatahana ny fanampian'ny anjelin' Andriamanitra, ary ny fomba tsaratsara kokoa mba handraisana fitarihana avy any an-danitra [ianao ao amin'ny tempoly]."

Angels bring light. God's light. To His Nephite Apostles, Jesus said, "Behold I am the light which ye shall hold up."As we sustain our prophet, we testify he is called of our Savior, who is "the light … of the world."

Mitondra fahazavana ny anjely. Ny fahazavan' Andriamanitra. Hoy i Jesoa tamin'ireo Apôstôly Nefitany, "Indro, Izaho no fahazavana izay haingainareo ambony."Rehefa manohana ny mpaminanintsika isika dia mijoro ho vavolombelona fa izy dia nantsoin'ny Mpamonjintsika, izay "fahazava[n'] … izao tontolo izao."

Dear President Nelson, on behalf of the members and friends of the Lord's Church throughout the world, we feel blessed tohold upyour teachings, tohold upyour example of Christlike living, and tohold upyour fervent testimony of our Lord and Savior, the Redeemer of us all.

Ry Filoha Nelson, amin'ny anaran'ny mpikambana sy ny namana ato amin'ny Fiangonan'ny Tompo manerana izao tontolo izao no ilazako fa mahatsapa ho voatahy izahaymanainga ambonyny fampianaranao, symanohanany ohatra asehonao amin'ny fananana fiainana tahaka ny an'i Kristy, arymanohanany fijoroana ho vavolombelona amin-kafanam-po zarainao

I bear my apostolic witness that Jesus Christ is “the light … of the world.”May we all, as His disciples, “hold up” His light. In the name of Jesus Christ, amen.

momba ny Tompo sy Mpamonjy ary Mpanavotra antsika rehetra.

“Mizara ny fijoroako ho vavolombelona amin’ny maha-Apôstôly ahy aho fa i Jesoa Kristy no “fahazava[n’] … izao tontolo izao.”Enga anie isika rehetra, amin’ny maha-mpianany antsika mba “hanainga ambony” ny fahazavany. Amin’ny anaran’i Jesoa Kristy, amena.